

**VAOMIERAN'NY LALANA**  
**VAOMIERAN'NY ATITANY SY NY FITSINJARAM-PAHEFANA**

**TATITRA NATAON-Rtoa JOHASY Eléonore**  
**Mpampakanteny ny Vaomiera**

**Tolo-dalàna laharana faha-001-2019/PL« manova sy mameno ny fepetra sasantsasan'ny Lalàna laharana faha-2011-013 tamin'ny 09 septambra 2011 mikasika ny satan'ny mpanohitra sy ny antoko mpanohitra»**

**Natolotry ny Solombavambahoaka RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle**

**Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena**

---

Nivory ny Talata faha-20 Aogositra 2019 tamin'ny 11 ora sy 50 minitra atoandro ary nitohy ny tolakandro tamin'ny 4 ora sy 30 minitra ny Vaomiera mitambatra niarahan'ny Vaomieran'ny Lalàna sy ny Vaomieran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana nandinika ny Tolo-dalàna laharana faha-001-2019/PL « **manova sy mameno ny fepetra sasantsasan'ny Lalàna laharana faha-2011-013 tamin'ny 09 septambra 2011 mikasika ny satan'ny mpanohitra sy ny antoko mpanohitra** ».

Ireo Solombavambahoaka mpikambana amin'ny Vaomiera tonga nanatrika ny fivoriana.

Rtoa sy Atoa isany:

1. ANDRIAMANJATO Liantsoa Bina
2. ANDRIANANDRASANA Norbert
3. ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa
4. EDIZARD
5. IDEALSON
6. JOHASY RAHARISOA Eléonore
7. MAMIZARA Yasmirah Loeticia
8. NASIRA Julien
9. PEPIN Michou
10. RABENARY Jean
11. RABENIRINA Maminiaina
12. RAFANOMEZANTSOA Aina
13. RAFIDIMANANA Narson
14. RAHERIARIJAONA Régina Clarisse
15. RAHOLDINA NAIVO
16. RAKOTOMALALA Miarintsoa A.
17. RAMANANA RAZAIHARIMALALA Fiainantsoa
18. RAMBOASALAMA Emilien
19. RASOAZANANERA Marie Monique
20. RASOLOMANANA Beby Olivier
21. RATSIMANDRIONA Aïda Hardy
22. RAVENASY Jean Emanielson
23. RAZAFIMANANTSOA Hanintriniana
24. VELOMAHAZO Patrice
25. VELONTSARA Paul Bert
26. VONINAHITSY Jean Eugène

Ireo Solombavambahoaka tsy mpikambana ao amin'ny Vaomiera tonga nanatrika ny fivoriana:

Rtoa sy Atoa isany:

1. ANGELE Solange
2. HENRI Jean Michel
3. RAKOTOMANJATO Edmond Rodin Georges
4. RALAMBOMANANA Fenoharitsoa
5. RALAMBOZAFIMBOLOLONA Razafitsimialona Fetra
6. RANDRIANANTENAINA Olivier Antony José
7. RASOLONJATOVO Honoré
8. RANDRIAMBOLAINA Gerry
9. RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle
10. TSARADIA Marco

Ireo solotenan'ny Governemanta sy ny Teknisianina:

Rtoa sy Atoa isany:

1. RAZAFIMAHEFA Tianarivelo Min/MID
2. RAKOTOARISOA Sainanirina
3. RAKOTONDRAJERY RANDRIANARISOA Salohy
4. RAKOTONIRINA Vololoniaina
5. RAKOTONANAHARY Jean Yves Ravo
6. RAMINOHARIMALALA Lisy
7. RASOLOMAHOLY RAKOTOZAFY Célestin

Miendrika ho toy izao manaraka izao ny fizotry ny fivoriana:

- Fankatoavana ny fahazoana mandray araky ny Lalàna ny Tolo-dalàna
- Fandinihana ny Tolo-dalàna

#### **A - Fankatoavana ny fahazoana mandray araka ny Lalàna ny Tolo-dalàna**

Araka ny voalaza ao amin'ny andininy faha -111 ao amin'ny fitsipika anaty mifehy ny Antenimierampirenena : « ireo tolo-dalàna sy fanapahan-kevitra atolotry ny solombavambahoaka dia apetraka sy dinihin'ny Filoha rehefa nakàna ny hevitra ny Biraon'ny Vaomiera araka ny Lalàna izay manapaka eo anatrehan'ny na ireo nanao ny Tolo-dalàna, ankoatr'ireo fepetra tsy maintsy ampiharana ireto farany ny andininy faha-86 andalàna 6 sy 7 sy ny andininy faha-95 ao amin'ny Lalàmpanorenana. Raha toa ka mazava ny tsy fahazoa-mandray azy ireo araka ny hevitra ny andininy faha-86 andalàna 6 sy 7 sy ny andininy faha-95 ao amin'ny Lalàmpanorenana, ny fametrahana azy dia lavina» dia nambaran'ny vaomiera fa azo raisina ny Tolo-dalàna laharana faha-001-2019/PL «**manova sy mameno ny fepetra sasantsasan'ny Lalàna laharana faha-2011-013 tamin'ny 09 septambra 2011 mikasika ny satan'ny mpanohitra sy ny antoko mpanohitra**»

#### **B- Fandinihana ny Tolo-dalàna**

Taorinan'ny fandinihana ny Tolo-dalàna toy ny famelabelaran-kevitra; fandinihana ny isan'andininy; fandanihana ny isan'andininy ary ny fandanihana ankapobeny dia nolanian'ny Vaomiera mitambatra tamin'ny endriny nasiam-panitsiana sy nasiam-panovana ny Tolo-dalàna laharana faha-001-2019/PL «**manova sy mameno ny fepetra sasantsasan'ny Lalàna laharana faha-2011-013**»

**tamin'ny 09 septambra 2011 mikasika ny satan'ny mpanohitra sy ny antoko mpanohitra»** ary nentina teny amin'ny fivoriambe nandraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 7 ora sy 45 minitra hariva ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory Atoa Filoha.